**F.K.M.S.M.**
**F**iangonana **K**ristiana
**M**alagasy aty **S**uisse
sy ny **M**anodidina

Lausanne, faha 11 aprily 2011

***Filazana :*** **- Fifaninanana fanamboarana tranonkala ny F.K.M.S.M.**

Ry rahalahy sy anabavy ao amin'ny Tompo,

Faly miarahaba anao amin'ny anaran'ny Kristy Tompo; ny fahasoavany sy ny fiadanany anie ho aminao mandrakariva. Tiana hohatsaraina tranonkala (site internet) **F.K.M.S.M.** na **F**iangonana **K**ristiana **M**alagasy eto **S**uisse sy ny **M**anodidina (http://www.fkmsm.ch).

Ho fanavaozana an'izany tranonkala izany dia faly manasa ny manan-talenta rehetra tsy ankanavaka ny **F.K.M.S.M.** handray anjara amin'ny fifaninanana. Dia miangavy koa ireo mahafantatra olona mahay an'izany hampita ity filazana ity amin'izy ireo.

Ny drafitra (cahier de charge) fanaovana an'izany dia azo jerena ao amin'ny tranokala www.fkmsm.ch

Ny tranonkala atolotra raha araky ny fepetra voafaritra etsy ambany, dia afaka alefa amin'ny filohan'ny **F.K.M.S.M.** adiresy mailaka **(alex@fkmsm.ch)**, na (raha CD-ROM, clé USB, ...)

**Randriamiharisoa Alex**
**Ch. du Village 4**
**CH-1012 Lausanne**
**SUISSE**
**tél. 0041'21'314'72'77**

alohan'ny **alatsinainy 31 oktobra 2011**, fara-fahatarany. Dia izy sy ny mpiadraikitra amin'ny lafiny teknika no hana-paka ny tranonkala ho voafidy amin'izany.

Toy izao ary ny fepetra momba ity fifaninana ity :

**1) Momba ny tranonkala**

* Tranonkala dia atao amin'ny "version" {***html***, ***JavaScript***, ***PHP***, sns...} satria io no mifanaraka amin'ny "***serveur***" misy ny tranonkala. Ny sary sy "***données***" rehetra dia afaka alaina amin'ny modely tranonkala izay efa misy **"http://www.fkmsm.ch".**

* Amin'ny alalan'ny mailaka (e-mail) no tsara andefasana ny tranonkala, atao fichier ***html***, na ***PHP*** *na* ***"Zip"***.

**<u>2) Fifidianana ny tranonkala :</u>**

* Ny mpiandraikitra ny teknika ao amin'ny **F.K.M.S.M.,** no hifantina tranonkala telo amin'ireo rehetra voaray, ary handroso izany amin'ny komity ;

* Amin'ny fivoriany ny komity ao aorianan'ny **12 novambra 2011** (raha tsy be laotra ny mpandray anjara) no hifidianana izay ho tranonkala amin'ireo 3 voafantina ;

* Ireto manaraka ireto no entina mifantina ny tranonkala voaray : tranonkala mandeha tsara , ary manaraka ny fepetra etsy ambony.

**<u>3) Fankasitrahana :</u>**

Hisy mari-pankasitrahana omena ny telo voalohany izay mitsinjara toy izao:

* Tranonkala voafantina : - vola mitentina **CHF 500.-**

* Tranonkala faharoa : - vola mitentina **CHF 200.-**

* Tranonkala fahatelo : - vola mitentina **CHF 100.-**

Ireo tranonkala telo ireo dia lasa fananan'ny FKMSM ka ho handramana mandritry ny 15 andro ary raha ilaina dia hovainy sy hamboariny araky izay heverina fa mahatsara azy.
Dia misaotra mialoha amin'ny fandraisanao anjara, ary koa amin'ny fampahafantarana ity fifaninana ity amin'ireo mana-tanleta izay fantantrao amin'ny fanamboarana tranonkala (site internet).

Samy ho tahian'Andriamanitra anie isika rehetra amin'ny fanantanterahana ny Asany Masina, ary ho Azy irery anie ny voninahitra.



Alex RANDRIAMIHARISOA
Filohan'ny F.K.M.S.M.